## LOZAM-PIFAMOIVOIZANA RN1-RN2-RN42 4

# 16 MATY TSY TRA-DRANO, TAFAKATRA 58 IREO MARATRA TSABOINA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7648 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 21 aogositra 2023


## BAKALOREA ANTANANARIVO 8

# NIVOAKA IHANY, NIAKATRA 57,31 ISAN-JATO NY TAHAM-PAHAFAHANA



## ANNICK RATSIRAKA 7

# KANDIDÀ HO FILOHAM-PIRENENA



## MARINA IZANY ! 7

## MIRONGATRA...!

## SITENY RANDRIANA-SOLONIAIKO 7



## "VONONA HITONDRA NY FANILO NAVELAN' I DADABE TSIRANANA"

## KITRA 2

## "COUPE DU PRESIDENT"

## LASAN'ANTANANARIVO NY AMBOARA SY 20 TAP. Ar

## KITRA-COUPE DE LA CAF 2

## LAVON'NY ELGECO PLUS NY GABORONE UNITED

## "LA VOIX D'OR 2023" 3

## NOROMBAHAN' I COROJA SY REBEKA NY ANDIANY FAHA-7

APETRAHO AMIN'I 2

**Siteny Randrianasoloniaiko**

NY FANONTANIANAREO

Ny tapakila dia ho hitanareo eo amin'ny pejy






Kitra - " Coupe de la CAF "

# Lavon'ny ELGECO Plus ny Gaborone United FC



Tsara fanombohana ny ekipan'ny ELGECO Plus.

Nahomby tanteraka ny tetikady napetraky ny mpanazatra Auguste Raux sy ny mpanampy azy, dia i Jimmy « Koundé » sy Blaise, izay somary nanidy trano ary nianona tamin'ny valim-panafihana haingana. Teo amin'ny minitra faha -25 nilalaovana dia nody ventiny ny rano nantsakaina. Nisy daka mandrivorivo, nataon'i Dino kapitenin'ny ELGECO Plus, votsotra teny am-pelatanan'ny mpiandry tsatobin'ny Gaborone United FC ka tsy sarotra tamin'i Feno, lohalaharan'ny AJESAIA nanantevin-daharana ny tompon' ny Amboaran'i Madagasikara, ny nanosika an'izany mora foana tany anatin'ny haraton'ny tompon-jaridaina. Nanantombo tamin'ny fanafihana nataony ny Gaborone United FC saingy efa tsara toromarika ny vodilaharan' ny ekipan'Andrefana Ambohijanahary, nahitana an-dry Benteke sy ry Datsiry ary Tsila sy Tony ka tsy ravan' ny mpifanandrina taminy mihitsy. Araka ny fandaharan-dalao dia amin'ny alin'ny alahady 27 aogositra 2023 (9 ora 30 mn) no hanatanterahana ny lalao miverina amin'ity savararanondo ity, eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Mifanindrandàlana amin'ny fanarahana ny lalaon'ny nosy ity fihaonana ity, ka heverina fa ho tonga maro ny mpijery baolina, hanotrona ny solontenantsika. Tahaka izao ny mpilalao tompon-toerana, nalahatry ny mpanazatra : Nina, Tony, Datsiry, Tsila, Benteke, Mamisoa, Dino (kap), Doddy, Onja, Nesta, Feno.

aris rafaly

Kitra - " Coupe du Président "

# Lasan'Antananarivo ny amboara sy ny vola 20 tapitrisa Ariary

Tamin'ny isa 1 no ho 0, baolina nampidirin'i Bertho (86 mn) tamin'ny fandakana "penalty" no nandresen'ny ekipa voafantin'Antananarivo an'i Toamasina, omaly, teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina, niadiana ny lalao famaranana ny Amboaran'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina, notronin'ny mpikambana maro tao amin'ny governemanta sy ny mpitondra fanjakana ambony teto amin'ny firenena. Tao amin'ny nilan'ny mpankafy baolina kitra azy tokoa iny lalao famaranana iny, satria nifandanja ny fahaiza-manaon' ny ekipa roa tonta, izay samy nanana baolina maro tokony ho tafiditra. Raha nanantombo teo amin'ny fizarampotoana voalohany ny mpilalaon'i Alison Jean sy Setrarivo, dia sesilany kosa ny fanafihana nataon' Antananarivo tamin'ny faharoa. Maro ny baolina navotan'i Tsalo kapitenin' i Toamasina, izay nahatsiarovana an-dry René "Tale" sy ry Mamisoa fahiny tao amin'ny ekipam-pirenena ny filalaony. Fahadisoana tsy azo nivalozana nataon'ny mpiandry tsatoby Patrick no niondrehan'ny mpilalaon'i Toamasina, minitra vitsy tsy hifaranan'ny fe-potoana aradàlana. Teo am-pamonoana baolina ny lohalaharan' Antananarivo no nosarihin'ny mpiandry tsatoby ny tongony. Tsy nisalasala ny mpitsara lalao Abdoul Kanoso, nanondro ny fanaovana "penalty". Nanova no sady nanome herijika indray ny fanafihan' Antananarivo ny nampidiran' ny mpanazatra Titi Rasoanaivo sy Tina Lionel an'i Navalona Kely, nahazoan'ny mpiaramilalao taminy an'io "penalty" io. Toy ny tamin'ny lalao manasa-dalana dia azo lazaina fa ny fampidirana azy no naharendrika an'Antsiranana. Manana ny hoaviny ity mpilalao zandry olona ity, izay vao mananika ny faha-17 taonany. Tsy azo "simbaina", hoy ny mpanazatrany, ka mbola natao "joker".

aris rafaly




Mbola lasan'Antananarivo ihany koa ny vola 20 Tap. Ariary

Judo - " World Blind Games 2023"

# Hiakatra tatamis rahampitso i Nampoina

*Tafiditra amin'ny mety handraisana anjara na tsia amin'ny Lalao olympika any Frantsa ny 2024 ity fifaninanana, tanterahina atsy Birminghamm ity.*

Ny alakamisy 17 aogositra teo no nanainga nihazo an'i Birmingham Angletera i Nampoina sy Sensei Brandon, hiatrika ny "World Blind Games 2023", eo amin' ny taranja Judo. Ny 18 hatramin'ny 27 aogositra no hanaovana azy ity, ka ny IBSA ( International Blind Sporrts Association ) no anisan'ny mpikarakara izany. Rahampitso no hiakatra tatami i Nampoina, izay hifaninana ho an'ny sokajy latsaky ny 60kilao. Tsiahivina fa vao tafaverina avy tany Japon ny volana desambra 2022 i Nampoina dia niompana tamin'ny fanomanana an'ity Lalao Iraisam-pirenena goavana indrindra ho an'ny mpanao fanatantajahantena Jamba ity izy sy ireo mpanazatra azy. Tsy mora ihany koa ny fanohanana amin'ny kojakoja, avy amin' ny Federasiona Malagasy ny Judo , sy ny teo amin'ny arabola, izay itondran'izy ireo fisaorana ny malala-tanana rehetra, indrindra fa ny Judo Club Laporte, izay efa mpikambana ao amin'ny MPC Analamanga. Tafiditra amin'ny mety handraisana anjara na tsia amin'ny Lalao olympika any Frantsa ny 2024 ity fifaninanana, tanterahina atsy Birminghamm ity, hoy Sensei Ranjatoson Antsa, mpiandraikitra ny Judo ho an'ny manana fahasembanana ao amin'ny Federasiona Malagasin'ny Judo. *"Manantena vokatra isika , na dia hisy aza ny tombana ataon'ireo tekinisianina ambony mpanapa-kevitra amin'ny mety handraisana anjara na tsia amin'ny lalao olympique 2024"* . 30 eo no isan'ny firenena andrasana amin'ny taranja Judo, ahitana mpikatroka 250 isa eo.

Rabenaivo




Ny alakamisy lasa teo no nanainga teto an-tanindrazana i Nampoina.

A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

**Siteny Randrianasoloniaiko**

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

# Mamy sy Winie

*Andro lehibe sy malaza ho an'i Mamy Rakotondramanana, Mpanao gazety eto anivon'ny Gazetiko sy i Winie Rakotoarivony ny andron'ny Sabotsy 19 aogositra 2023 lasa teo. Nifanaiky ny eny masina teo anatrehan'Andriamanitra izy roa kely ka notsofin-drano tao amin'ny Aumônerie Catholique Universitaire Ambohidepona ny fanambadian'izy ireo. Nisafidy ny I Timote 4 :12 " Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao nohon'ny hatanoranao ; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana. " Ho fanamafisana orina ny tonkatranony, taorian'ny fitsofan-drano ny fanambadiana dia nisy ny fiaraha-mikorana nanasan'izy roa ny fianakaviana sy ny namany tao Ambohidepona ihany. Ny sakaiza mpiara-miasa eto anivon'ny Gazetiko sy Midi Madagasikara dia miarahaba sy mirary soa ho ambinin'Andriamanitra ny tokantranon'izy roa.*



Ny hiaraka ho doria no filamatr'i Mamy sy i Winie.





Ireo namana mpiara-miasa nanotrona sy niaram-paly tamin'izy roa.

**(Soratra : Mamie, sary : Princy)**

" Bar à Livres " Itaosy

## " Literatiora ny rap fa ny literatiora tsy rap ", hoy i Syklop

« *Ny literatiora dia fitambaran' ny lahabolana na lahatsoratra ka sady fampitana hafatra no fitsikerana. Fanarenana ny mpiara-monina amin'ny fomba amam-pahendrena* ». Izay no famaritan'i Regis Rajemisa Raolison, mpampianatra mpikaroka sady mpanabe. Faharoa, ny « *Zavakanto vita amin'ny teny ny literatiora* », io kosa ny famaritan'i Siméon Rajaona. Ireo famaritana roa ireo no nambaran'i Zo Maminirina, mpanao gazety sady mpanoratra nandritra ny « Bar à Livres » teny amin' ny Le Park Bemasoandro Itaosy ny folakandron'ny sabotsy teo. Raha ireo no asian-teny, ary jerena amin' ny ankapobeny dia mahafeno ny fepetra maha literatiora azy ny rap. Izany hoe fitambarana lahabolana, entina mampita hafatra, na fitsikerana, ary entina manabe ihany koa.

« *Literatiora ny rap fa ny literatiora tsy rap* », hoy kosa i Skylop. Ireo mpiangaly rap tonga teny an-toerana, toa an-dry Fabrizio, Smy ary Black Sheep, ihany koa dia samy nanambara fa ny rap, ho azy ireo, no fitaovana entiny mampita fahalalana sy fitaizana ny tanora entiny. Araka izany, manaiky izy ireo, saingy te hilaza fa tsy literatiora 100% ny rap.

**50 taona**

Araka ny fanazavan'izy ireo dia miainga amin'ny feonjavamaneno, mozika, gadonkira ny rap fa tsy lahateny na lahatsoratra fotsiny. Manandanja kokoa ireo voalaza etsy ambony ho an'ny mpiangaly rap, ka izay no iavahany amin' ny literatiora. Ny mampiavaka ny rap amin'ny hira rehetra kosa, dia tanjona roa mazava tsara : mozikam-pitolomana no niandohany ary faharoa ny maha fialamboly azy. Nilaza kosa i Niel Ratiarison, nanao fanadihadiana momba ny mozika rap, fa tany ivelany dia tanora avy amin'ireo tanànan'ny olona sahirana miady amin'ny fiainana sy fanavakavaham-bolon-koditra (tany amin'ny 50 taona lasa ka hatramin'izao) no nipoiran'ny rap. Teto amintsika kosa nifamadika tamin'izay, satria ireo tanora avy amin' ny sarangan' olona ambony fari-piainana no nandray azy ireny voalohany. Ny mozika rap anefa no be mpihaino sy mpanaraka indrindra manerantany hatramin'izao.

**Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Amiko, ny fahasambarana dia tsy ny mandray foana izay nirina, fa mianatra mitia izay rehetra ananana sy mahita fifaliana amin'izay efa an-tanana."

Ny Vetso (03.12.15)

("Happiness isn't getting what you want all the time. It's about loving what you have and being grateful for it.")

" La voix d'or " 2023

## Norombahin'i Coroja sy Rebeka ny andiany faha-7

Anisan'ny fifaninanana be mpanaraka sy maro mpankafy ny "La Voix d'or", izay natokana ho an'ny ankizy, karakarain' ny fahitalavitra tsy miankina Viva. Ny asabotsy teo nanomboka tamin'ny 8 ora sy 50 minitra no natao tetsy amin'ny Arena Ivandry ny famaranana, nahafantarana ireo ankizy tsara feo indrindra. Tamin'ity andiany faha-7 ity dia i Coroja sy Rebeka no nibata ny fandresena. Loka maro no natolotra azy ireo, ankoatra ny fanomezana samihafa avy amin'ny mpanohana ny fandaharana. Anisan'ny loka goavana ny tapakila mandroso sy miverina Antananarivo makany Dubaï miverina Antananarivo.

Valo mianadahy no niatrika ny lalao famaranana ny asabotsy teo. 4 avy amin'ny zokiny (13 taona no miakatra) ary 4 mianadahy ny sokajy zandriny teo anelanelan'ny 8 ka hatramin'ny 12 taona. Ny sokajy zandriny, nahitana an'i Rebeka, Mathieu, Typhanie ary Arcelinah. I Michael sy Caroja ary Fenohasina sy Nandrianina kosa no teo amin'ny sokajy Zokiny. Samy manana ny maha izy azy izy 8 mianadahy tafakatra famaranana ireo saingy amin'ny maha lalao azy dia tsy maintsy misy ny resy sy ny mpandresy.

Ny fifanintsanana farany dia nifanintsanan'olon-droa. I Caroja sy i Michael no nifanena farany teo amin'ny sokajy zandriny, ka ilay hira "*Spirity*" no niarahan'izy ireo nihira. Nisongadina tamin'ny feony somary milanto kanefa manindrona i Coraja ka teo no nahatafakatra azy. Tetsy ankilany kosa, Rebeka sy Tiphanie teo amin'ny sokajy zokiny no niatrika ny « Duel Final", nihira an'i "*La Belle et la Bête*". Tao anatin'ny fitaintainana lalina no niandrasan'ny mpandray anjara rehetra ny vokatra farany, ka nilazana fa Coroja sy Rebeka no nivoaka mpandresy.

Marihina fa i Mahajanga, Ambatondrazaka, Toamasina, Antsirabe, Fianarantsoa, Toliara ary Antananarivo no faritra nandray anjara tamin'ity "La Voix d'Or" andiany faha-7 ity.

**Tiaray R**

Tontolon'ny fifidianana

## Fokotany 32 ao anatin'ny boriborintany fahefatra nomena fiofanana

Taorian'ny fanomezan'ny CNFM fiofanana ho an'ireo mpampiofana isaky ny faritra iantefan'ny tetikasa fanentanana ny vehivavy sy ny tanora mba hifidy, dia anjaran'ireo mpampiofana ireo indray izao no mizara ny traikefa azony eny anivon'ny fikambanana na fiaraha-monina misy azy avy. Anisan'ny nanefa izany fampitana fiofanana azony izany niaraka ny fikambanana Alumma, ONG Miaradia, ny Sebass Group, ny Aina Ravinala, ny Andrimaso, ary ny Miahy, izay samy avy ao amin'ny boriborintany fahefatra, tamin'ny zoma lasa teo. Fokontany 32 ao anatin'ny boriborintany misy azy ireo no nantsoina hiofana mahakasika ny tontolon'ny fifidianana amin'ny ankapobeny. Ny fokontany Angarangarana no nampiantrano nandritra izany ary olona maro be, misy vehivavy, tanora, ary lehilahy, no tonga namaly ny antso. Hita ho liana dia liana tokoa izy ireo ary vonona ihany koa mba ho anisan'ireo mpanentana rehefa avy nandray ilay fiofanana. Mba hisian'ny fifidianana mangarahara moa no hanaovana izao fiofanana izao, satria mbola hita fa maro amin'ny Malagasy no tsy mahafehy tsara ny zotram-pifidianana fotsiny, ohatra. Eo koa ny hoe ny mba hampirisihana ny vehivavy sy ny tanora mba handeha hifidy na hirotsaka ho kandida mihitsy aza, satria dia mbola vitsy ihany koa ny tahan'izany ao anatin'ny fitondrana.

**Tanya.R**


**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-14)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-14)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-15)

**VIDANGE**

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-10)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 032.68.326.29. (G-BA 624/15-4)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-3)

Lozam-pifamoivoizana " rn1- rn2- rn42 "

# 16 maty tsy tra-drano, tafakatra 58 ireo maratra tsaboina

*Tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro no nisehoan'ny lozam-pifamoivoizana teny amin'ny lalam-pirenena (RN2), omaly.*



Ilay " 4x4 " hyundai nivadika teny amin'ny RN1.



Fiara niharan-doza tao amin'ny RN42.

Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana nahatsiravina tao amin'ny PK12, lalam-pirenena faha-42, eo amin'ny toerana antsoina hoe Andohamanjongy, fokontany Fivoarantsoa, kaominina Ankarinarivo, distrikan'Isandra, faritra Matsiatra Ambony, ny andron' ny sabotsy teo tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany antoandro. Taksibrosy « Mercedes Vario » avy amin'ny kaoperativa « UCTV », mampitohy an'i Fianarantsoa sy Soatanana. Nivadibadika ny fiara ka olona 9 no maty tsy tra-drano ary 37 ny mpandeha naratra mafy, tsaboina any amin'ny hopitaly. Ny olona 5 no namoy ny ainy teo no ho eo ary ny sasany efa nentina tany amin'ny hopitaly vao tsy tana ny ainy. Tafavoaka ny lalana tokony nalehany ny fiara ary nivarina tany amin'ny hantsana sahabo ho 95 metatra eo ho eo. Olana ara-mekanika, fahavoazan'ny hisitra no voalaza fa nahatonga ny loza ka izay namoizana ain'olona maro izao. Nanao fanarahamaso ny fiarany ihany ny tompon'ity taksibrosy ity ary efa ho 1 volana teo izay io fiara io no tsy niasa fa namboarina tany Fianarantsoa. Marihina fa mbola manaraka fitsaboana ao amin'ny hopitaly Tambohobe Fianarantsoa avokoa ny ankamaroan'ireo olona maratra ireo, araka ny angom-baovao voaray.

**Fitsaboana**

Nandray andraikitra avy hatrany ny Fitondram-panjakana ary nisolo tena azy ireo. Nijery ireo mpandeha naratra tany amin'ny hopitaly ny minisitry ny Fanabeazam-pirenena, Marie Michelle Sahondrarimalala, ny mpanolotsaina ny Filoham-pirenena, ny governioran'ny faritra Matsiatra Ambony Lova Paupil Razafindrafito ….sns. Nitondra tolo-tânana ho an' ireo niharam-boina ny fanjakana. Fantatra ihany koa fa raisin'ny fanjakana an-tanana ireo maratra ary maimaim-poana ny fitsaboana atao rehetra.

**Lozam-pifamoivoizana RN2**

Tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro no nisehoan'ny lozam-pifamoivoizana teny amin'ny lalam-pirenena (RN2), omaly. Teo amin'ny fokontany Marovoalavo, kaominina Beforona, distrikan' i Moramanga. Raha ny angom-baovao voaray dia olona 6 no maty tsy tra-drano vokatr'izany loza izany, ka ny 3 no namoy aina teo no ho eo ary ambiny teny amin'ny hopitaly CSBII Beforona no tsy avotra. Ankoatra ireo dia mpandeha 20 hafa no naratra mafy ihany koa. Fiara mpitatitra anankiroa no nifandona tamin'ny kamiao semi-remorque iray. Izany hoe ilay kamiao avy aty Antananarivo renivohitra hidina ho any Toamasina, ireo taksibrosy kosa avy any Toamasina hiakatra. Teo amin'ny « PK 155+ 900 » no nitranga ilay loza mahatsiravina. Tafavoaka ny lalana ireo fiara telo ireo, izay samy nivadika avokoa. Voatsindrin'ny entana ireo mpandeha, niampy ny dona mafy teo ampiatrehana ilay loza. Nanao ny asany avy hatrany namonjy ireo niharan-doza. Misy ny vonjy aina maika tsy maintsy natao ary ny fiarovana ny entan'ireo mpandeha naratra sy ny fandrindrana ny fifamoivoizana, hoy ny lehiben' ny vondrontobim-paritry ny zandary ao Moramanga.

**4x4 nivadika**

Tafiditra anatin'izay loza teny amin'ny lalam-pirenena izay hatrany. Raha ny antontanisa voaray dia tafakatra 16 ny isan'ireo namoy ny ainy, ary 58 kosa no maratra mafy. Ankoatra ireo voalaza etsy ambony dia fiara tsy matahodalana iray « Hyundai » ihany koa no tra-doza teo amin' ny fokontany Ambodiafontsy, kaominina Ampitatafika, omaly tokony tamin'ny 2 ora maraina. Olona iray ihany koa no namoy ny ainy, ary anisan'ny naratra ny mpamily an'io « 4x4 » io. Fandehana mafy no voalazan'ny mpitandro ny filaminana fa ahiana ho nahatonga ity fiara ity ho tafavoaka ny lalana. Manaporofo izany, tafavoaka 60 metatra miala ny arabe ny fiara. Nivadibadika nony avy eo ary potika tanteraka. Any amin'ny hopitaly Hjra ilay mpamily manaraka fitsaboana, saingy tsy misy atahorana ny aminy.

**Ariel D.**

Maevatanana

# Mpaka an-keriny roa lahy lavon'ny bala

Maty voatifitra ireo olondratsy mpanao fakana ankeriny ikoizana nandositra avy any amin'ny faritra Ankazobe, nihazo ny fokontany Tsinjorano, kaominina Antsiafabositra, distrikan'i Maevatanana. Lavon'ny balan'ny zandary izy ireto rehefa nokarohina an-taonany maro. Asa ratsy maro no hanenjehana. Raha zohina ny tranga dia ny alin' ny sabotsy teo no nahazo loharanom-baovao ny lehiben'ny zana-tobim-paritry ny Zandarimaria Manerinerina « RN4 » fa misy olondratsy maromaro nandalo tao amin' io toerana voalaza etsy ambony io. Tsy niandry ela fa nidina avy hatrany ireo zandary avy ao Manerinerina sy zandary avy ao Andriba nanatevin-daharana nanao ny fanenjehana.
Tokony ho tamin'ny 4 ora maraina no niseho ny fifandonana tamin'ny andaniny sy ny ankilany.

**Iarisy**

Namaly tifitra ireo olondratsy ka raikitra ny fifanjevoana. Dahalo roa no lavon' ny balan'ny zandary nandritra izany ary iray kosa naratra. Ity farany, izay mbola afa-nitsoaka ihany, ary karohana amin'izao fotoana izao. Ireto olondratsy ireto dia anisan'ny naman'ilay dahalo raindahiny antsoina hoe IARISY, izay nandoro trano ka nahafaty olona 30 tao Ambolotarakely Ankazobe, tamin'ny taona 2022. Izy ireto ihany koa dia nahafaty zandary tao Ankazobe. Ankoatra izay dia sady mpangalatra omby no mamono olona izy ireo rehefa manao asa ratsy.

**Arie D.**

Hetsika " fiara zo " tao Ambositra

# Liana hahafantatra ny zony sy lalàna ny vahoaka

Taorian'Ambalavao dia tonga tao Ambositra ny hetsika « Fiara-Zo », izay karakarain' ny minisiteran'ny Fitsarana sy ny Sampan-draharahan'ny firenena mikambana misahana ny fampandrosoana (PNUD). Hetsika natao hampahafantarana ny vahoaka ny zony sy lalàna Mandray anjara mivantana amin'izany ny mpiasan'ny Fitsarana, ny mpitsara, mpiraki-draharaha, mpandraharaha ny fonja, mpisolovava, ary ny « Notaire ». Tanjona ny hisian'ny fitsarana manakaiky vahoaka, araka ny vina napetraky ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana Ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana. Nahomby ny hetsika « Fiara zo » natao ny zoma teo, tao amin'ny kianjan'ny tampon'ny Vinany Ambositra. Samy manana ny manahirana azy ny vahoaka ary betsaka ny fanontaniana voaray. *« Ampahafantarina ny zony ny olona mba hahatonga azy ireo tsy hatahotra miditra birao. Izany hoe miezaka manakaiky ny vahoaka ny fitsarana. Rehefa mahafantatra ny zony ny olona dia tsy ho voarebireby intsony, ary tsy ho voasarika hanao kolikoly »* : hoy ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana Ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana.

**Tsy misy distrika ho hadino**

Tsiahivina fa nandalo tao Ambalavao Tsienimparihy ihany koa ny « Fiara Zo » ny herinandro teo. Nahatratra 2 953 ny vahoaka tonga teny an-toerana. Loha-hevitra nodinihina tamin'io ny fanazavana momban'ny ady amin'ny fitsaram-bahoaka, ny ady tany, ny soram-pakohonana sy ny fandovana. Betsaka ny fanontaniana sy fitarainana nentin'ireo vahoaka, ary anisany nandray anjara namaly izay mety ho fanontaniana ireo solotena avy amin'ny Ministera. Nitarika ity hetsika ity hatrany ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Ministry ny Fitsarana, Ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana. Nambarany fa hanantona ny vahoaka hatrany ny Fitsarana, araka ny toromarika avy amin'ny fitondram-panjakana, izay milaza fa tsy misy Distrika ho hadino amin' ity hetsika Fitsarana manakaiky vahoaka ity.



Ministry ny Fitsarana, Ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana, tao Ambositra.

**Ariel D.**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Milahatra*




## Hatsikana an-tsary

*Mivelatra*




## Masoandro miposaka

**Lioka 12 : 1**

**Ary tamin'izany, raha niangona ny vahoaka betsaka tsy hita isa ka nifanitsaka, Jesosy dia niteny tamin'ny mpianany aloha ka nanao hoe: Mitandrema ianareo, fandrao azon'ny masirasiran'ny Fariseo, dia ny fihatsarambelatsihy.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny hazo no vanon-ko lakana, ao ny ala naniriany.**

Si avec un arbre, on peut faire une pirogue c'est grâce à la forêt où il a poussé.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3028**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 9 | | 4 | 3 | 8 | |
| | | | | | | | 9 | |
| 2 | | | | | | | | 7 |
| | | 8 | | 5 | | | 7 | |
| | | | | | 9 | | 4 | |
| 5 | 1 | | | 4 | | 6 | | |
| 6 | | | | | 1 | | | |
| | | 9 | | | | | | 2 |
| 3 | | | | | 8 | 5 | | |

Valin'ny laharana **3027**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 3 | 7 | 4 | 5 | 8 | 6 | 2 | 1 |
| 8 | 1 | 5 | 2 | 6 | 7 | 3 | 9 | 4 |
| 4 | 6 | 2 | 9 | 1 | 3 | 7 | 8 | 5 |
| 3 | 4 | 8 | 7 | 9 | 6 | 1 | 5 | 2 |
| 5 | 7 | 6 | 8 | 2 | 1 | 9 | 4 | 3 |
| 2 | 9 | 1 | 3 | 4 | 5 | 8 | 7 | 6 |
| 1 | 8 | 3 | 5 | 7 | 4 | 2 | 6 | 9 |
| 6 | 5 | 9 | 1 | 8 | 2 | 4 | 3 | 7 |
| 7 | 2 | 4 | 6 | 3 | 9 | 5 | 1 | 8 |

## Marina izany !

### Mirongatra ny fisolokiana!

**Tsikaritra ho manomboka mivaralila ny fiaraha-monina malagasy sy ny fiainan'ny sarambabem-bahoaka, amin'ny ankapobeny. Mitombo isan'andro ny mpatory an-dalana sy ny mpitsindroka fanariam-pako, noho ny fitombon'ny tsy an'asa, ny fiakaran'ny tahan'ny zaza tsy miditra an-tsekoly; ny fitombon'ireo mirona amin'ny zava-pisotro misy alikôla sy ny zava-mahadomelina,.... Tsy resahina intsony ny fahaverezan'ny soatoavina malagasy izay tonga hatramin'ny fahasahiana manary ny menaky ny aina mihitsy. Tranga tsy dia fahita firy tany aloha. Ny manodidina amin'izany na mety mahalala ny raiamandreny aza dia misafidy ny hangina, noho izy mety ho sahirana amin'ny olany ihany koa. Ny fiantraikan' ireo rehetra ireo dia mirongatra ny fisolokiana sy ny asan-jiolahy amin'ny endriny maro samihafa: Tsy vitsy no velon-taraina eny amin'ny tambajotra sôsialy fa voaendaka, voambana antsy, voasoloky volabe amin'ny alalan'ny fampiasana finday sy ny varo-draikiraiky... Tsy resahina intsony ny fanendahana sy ny sinto-mahery ary ny fanolanana any anaty fiaraha-monina any. Ny mahonena dia toa tsy misy isarangotana sy itarainana ny mpiray tanindrazana iharan'ireny asa ratsy ireny. Hany heriny mamoaka ny maharary azy eny amin'ny " facebook " miandry ny fanekoan-kevitry ny hafa. Ireo trangam-piaraha-monina samihafa tanisaina eo ambony ireo dia azo antoka fa tsy hitondra fahatoniana sy filaminana ho an'ny firenena, indrindra an-tomotra ny fifidianana, fotoana mampafanafana ny adihevitra pôlitika! Antony anaovana antsoavo ny mba handraisan'ny tompon'andraikitra isan-tokony vahaolana, dieny izao hisorohana ny krizy pôlitika efa matetika miverimberina!**

Voahangy Rakotozafy

Annick Ratsiraka

# Kandidà ho filoham-pirenena

Vehivavy iray izany aloha no efa nampahafantatra ny fahavononany hilatsaka hofidina, amin'ny 9 nôvambra ho avy izao. Tamin'ny asabotsy lasa teo no nanao fanambarana ho isan'ny mpifaninana, amin' ny anaran'ny Arema i Annick Zoary Ratsiraka, amin'ny maha sekretera nasiônalin'ny antoko azy. Nomarihiny fa tsy fanapahan-kevitra samirery no noraisiny fa noho ny fangatahan'ny mpikatroka manerana an'i Madagasikara. Momba ny hoenti-manana kosa dia nilaza ny sekretera nasiônalin'ny antoko fa tsy atao sakana ny 200 tapitrisa ariary, napetraky ny governemanta. Hanatanteraka ireo drafitra napetraky ny antoko Arema hatramin'izay no tanjona, hoy i Annick Ratsiraka, ka anisan'izany ny bokimena. Tsiahivina fa mpanao pôlitika sy teknisiana 6 aloha hatramin' izao no efa nanao fanambarana ny maha kandidà azy. Anisan'izany i Paraina Auguste, Tahina Razafinjoelina, Harilanto Ratsirahonana, Rolland Ratsiraka, Annick Zoary Ratsiraka. Amin'ny faran'ity volana ity kosa no hilaza ny fahavononany ho kandidà i Siteny Randrianasoloniaiko.

V.R.

Siteny Randrianasoloniaiko

# "Vonona hitondra ny fanilo navelan'i Dadabe Tsiranana"

Voafidy ho sekretera nasiônalin'ny PSD, nandritra ny kongresin'ny antoko, notanterahina teny amin'ny « espace Madagascar », eny By Pass, tamin'ny asabotsy lasa teo ny solombavambahoaka voafidy tany Toliara I, Siteny Randrianasoloniaiko. Ny tolakandron'io no notanterahina ny famindram-pahefana teo amin'ny sekretera nasiônaly teo aloha, Eliana Bezaza, sy ny tenany. « Isaorako ny tso-drano sy ny fahatokisana nomenareo ahy ary vonona hitondra avo ny fanilo navelan'i Dadabe Tsiranana ny tenako ary tsy handraraka ilo mby an-doha raha mandray an-tànana ny antoko PSD », hoy Randrianasoloniaiko,




Depiote Siteny R. sy ny sekretera nasiônalin'ny PSD teo aloha.

nandritra ny fandraisam-pitenenany. Tanjony ny hamerina indray ny fomba fitantanan'i Dadabe Tsiranana izay nanome lanja ny fanapariaham-pahefana. Fanamby hapetrako ho an'ny antoko PSD sy ho an'ny vahoaka malagasy ary ho an'i Madagasikara ny fametrahana ny Malagasy ho aloha hatrany. Antsoavo nataony amin'ny rehetra ny fahavononana hiaraka hanova, rehefa tonga ny fotoana.

Tsiahivina fa amin'ny faran' ny volana aogositra izao, any Toliara, araka ny efa nambarany no hampahafantatra amin'ny vahoaka malagasy ny fahavononany hirotsaka hofidina ho filoham-pirenena, amin'ny anaran'ny antoko PSD ny filohan'ny Mihava Tour izay nampahatsiahy fa hitohy hatrany ny fitsidiham-paritra, hihainoana ny maharary ny vahoaka sy ny soso-keviny.

V.R.

Antoko FTT

## Tafapetraka ao Antsirabe ny QG sady toeram-panofanana tanora

Navadika ho asa avy hatrany ny fahavononan'ny mpikambana ao amin'ny antoko FTT (Firaisankinan'ny Tia Tanindrazana) sy ny mpanohana azy, manerana ny Nosy. Nosantarina tao Antsirabe (eny amin'ny Route d'Ambositra), tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo mantsy ny fametrahana ny foiben'ny antoko (QG) sy ny toerampanofanana nomerika ho an'ny tanora, izay ahitana solosaina maro. Ankoatra ny mpikambana dia rasin'ny antoko an-tanan-droa ihany koa ny tanora vonona hifampizara vaovao sy maniry hanovo fahalalana maimaimpoana momba ny fiompiana kisoa, akoho, trondro. Hita ao ihany koa ny fanofanana fambolena tsaramaso, vary amin ny toerana tsara rano sy amin ny toerana saro-drano, fambolena katsaka, fiompiana omby vavy be ronono, fanamboarana fromazy, « pâte jaune », « vinaigre de cidre » …

**Tanjona ny hahalalany ny taniny!**

Ankoatra ireo dia misy ihany koa ny fampianarana teny anglisy isaky ny seha-pihariana sy ny « informatique bureautique » ary ny mikasika ny « community manager », izay mahaliana ny tanora amin'izao fotoana. Araka fampahafantarana nataon'ny tompon'andraikitra dia maimaimpoana avokoa ny fiofanana. Voalaza fa anisan'ny hanofanana ireo izay liana ihany koa ny manodidina ny vina 3 ijoroan'ny antoko Firaisankinan'ny Tia Tanindrazana, tarihin'ny filohany Tahina Razafinjoelina: fanabeazana, fitsinjarampahefana ary ny fitsinjaram-bola. Itsy farany izay midika fa zaraina amin'ny mpiray tanindrazana izay rehetra tsara ho fantany, momba ny faritra misy azy ary tohanana arapitaovana manaraka ny teknôlôjia izy ireo. Tanjona ny hahalalany ny taniny sy ny harena misy ao aminy, indrindra ny fahaizana mitrandraka izany.

VR.

Filoha Andry Rajoelina

# Mitombo hatrany ny fitiavan'ny vahoakan' i Toliara azy

Nifarana ny sabotsy hariva teo ny dian'ny Filoha Andry Rajoelina mivady tao Toliara. Niara-dia taminy tamin'izany ireo mpikambana ao amin'ny governemanta notarihin'ny praiminisitra Ntsay Christian. Teo ihany koa ireo parlemantera sy ben'ny tanàna marobe avy ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Tsy miova fa vao mainka mitombo hatrany ny fitiavan'ny vahoakan'i Toliara ny Filoha Andry Rajoelina. Manaporofo izany, tomefy olona hatrany ireo toerana nolalovany sy nanaovany fitokanana zava-bita nandritra izay roa andro izay. Na ireo olona marobe nanaradia azy sy nitsena azy izany, na ireo nikopakopaka azy rehefa nandalo izy. Anton'io moa ny fanolorany fotodrafitrasa sy asa fampandrosoana maro ho an'ny vahoaka tao Toliara. Tafiditra ao anatin'izany ny fitokanany ny foibe famokarana herinaratra mandeha amin'ny herin'ny masoandro tao amin' ny kaominina Betsinjaka. Manana tanjaka 2,9 mgw izy ity. Tonkantrano 6.324 no misitraka izany any an-toerana. Teo ihany koa ny fitokanany ny lalana vao namboarina nomena ny anarana hoe «Rocade de l'émergence».




Ny Filoha Andry Rajoelina nitokana zava-bita tao Toliara.

JUDD


## TANY AMIDY MORA

Terrain de 48 a 50 ca (4.850 m²), bord de route, Alakamisy vers CUR Vontovorona, titré et borné. Prix : 55.000 Ar./m².

*Contact M. Rôd : 034 18 711 29 / 033 11 236 89*

(Misy hafa koa an !)

G-CL 596/3-1



## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Bakalorea Antananarivo

# Nivoaka ihany, niakatra 57,31 % ny taham-pahafahana

*Nahitana fiakarana 13,5 isanjato ny taham-pahafahana raha oharina tamin'ny taona 2022.*

Rehefa nifandrirarira nandritra ny andro maro ireo mpampianatra sy ny fanjakana, nivoaka ihany ny voka-panadinana bakalorea teto Antananarivo. Nitombo ny taham-pahafahana teto tamin'ity taona ity. Nahatratra 56,58 isanjato ho an'ny bakalorea ankapobeny ary 66,91 isanjato ho an'ny teknika. Raha natambatra ny sokajy rehetra, manome 57,31 isanjato ny taham-pahafahana, izany hoe mpiadina 46 338 amin'ireo 80 862 niatrika fanadinana no afaka soa aman-tsara. Ho an'ny sokajy A1, nahatratra 65,57 % ny taham-pahafahana, ho an'ny sokajy A2 nahatratra 59,67%, ho an'ny Sokajy L 68,82%, ho an'ny sokajy C 55,33% ho an'ny sokajy D nahatratra 48,16%. Ho an'ny Sokajy S izay ambany indrindra ny isan'ny mpiadina afaka, nahatratra 34,62 %, ary ho an'ny Sokajy Ose 55,18 isanjato ny taham-pahafahana. Raha oharina tamin'ny 2022, nitombo ny isan'ny mpiadina afaka bakalorea tamin'ity taona ity, satria 43, 73 isanjato izany ho an'ny sokajy rehetra, ary 41,34 isanjato ho an'ny bakalorea ankapobeny, ary 71,20 isanjato ho an'ny teknika. Ny sabotsy hariva tokony ho tamin'ny 6 ora hariva no nanomboka ny "déliberation" ary nambaran'ireo mpampianatra niandry teny Ankatso fa vitsy ireo nanatanteraka izany ary nofidina ho afa-panadinana izay nahazo ny naoty 9,5 amin'ny 20 rehetra. Efa nanomboka ny sabotsy hariva ihany koa ny fizarana ny tambin-karaman'ireo mpampianatra nitsara fanadinana sy nanara-maso ny fanadinana ary hitohy anio izany. Omaly maraina, nivangongo teny amin'ireo foibem-panadinana ireo mpiadina niandry ny fotoana nisokafan'ny vavahady sy nijerena ny petadrindrina. Raha ny tokony ho izy mantsy, 12 ora aorian'ny fipetahan'ny petadrindrina no azo jerena amin'ny alalan'ny sms ny voka-panadinana.

Nivoaka omaly alahady ihany koa ny taham-pahafahana bakalorea ho an'i Toliara. Nahatratra 17 631 tamin'ireo mpiadina 26 697 na 66,04 isanjato ny taham-pahafahana fanadinana ho an'i Toliara. Ho an'ny bakalorea ankapobeny, 65,62 isanjato no afaka ary 88,82 isanjato ho an'ny teknika. Anisan'ny tsara ny vokatra tany an-toerana ny sokajy A1 satria tafakatra 82,13 isanjato. 65,79 isanjato ho an'ny A2. Ho an'ny sokajy C nahatratra 56 %. Sokajy D 65,49 %, sokajy L 53,18 %. Ho an'ny sokajy S 55,77 % ary 69,98 isanjato ho an'ny sokajy OSE. Anio alatsinainy kosa vao hotanterahina ny "déliberation" ho an'i Toamasina. Dieny izao dia efa mila mijery izay fianarana tiana hatao ireo afaka rehetra ary mankahery izay tsy afaka kosa.

**Nath**

Fandraharahana

## Miady irery amin'ny hosoka ny Maki company

Rehefa fotoana akaiky fety na fialan-tsasatra lehibe, mirongatra izay tsy izy ny hosoka amin'ireo entana vita malagasy. Anisan'ny lasibatra amin'izany ny Maki company, mpandraharaha malagasy manamboatra T-shirt, kapa, satroka, sy ireo fahatsiarovana maro na goodies. Araka ny fanazavan'i Vero My: *"Midina eo anelanelan'ny 15 hatramin'ny 25 isanjato ny fahavoazan'ny orinasa vokatry ny hosoka. Izahay eto amin'ny orinasa Maki company dia milaza fa mitohy ny ady amin'ny hosoka amin'ny fangalarana ny sary. Nisy mpanamboatra iray tratranay indray tamin'ity herinandro ity. Voararan'ny lalàna ny hosoka ka mety mampigadra, satria halatra. Andoavana lamandy sy onitra ary azo alaina ny fitaovana rehetra nampiasainy nanaovana io hosoka io. Mampitandrina izay mbola minia manamboatra izahay fa tsy hanaiky moramora intsony fa hampihatra ny lalana velona. Teratany malagasy sy sinoa no tratra manao ilay hosoka hatreto. Miantso ny tomponandraikitra ihany koa mba hampihatra ny lalàna, satria indraindray toa vitavita eny ilay izy, fa tokony mba hojeren'ny manampahefana. Alohan'ny fetim-pirenena, fotoanan'ny fialantsasatra, ary fotoanan'ny noely no tena mampirongatra io halatra io."* Miady irery ny mpandraharaha manenjika azy ireo kanefa vola be no ampiasaina ao ary mamelona tokantrano maro. Notsiahivin'i Vero My fa efa voasoratra any amin'ny Omapi fa manan-tompo ny sary sy soratra Maki ka tsy tokony hisy hampiasa intsony.

**Nath**

Fianarantsoa Bakalorea

# Olona roa naratra, rovitra ny valim-panadinana

Olona roa no naratra noho ny fifanosehan'ny olona nijery ny valim-panadinana Bakalorea 2023 andro vitsy lasa izay. Rovitra ihany koa ny valim-panadinana ka nanahirana an'ireo mpiadina tsy mbola nahafantatra akory ny voka-panadinana izany. *''Teo ny fikoropahan'ny mpiadina sasany te-hahita haingana ny vokatra, nisy koa ireo faly ka niala rehefa nahita ny anarany ary mbola nifanosika hitangorona hijery kosa ireo vao tonga hijery ny valim-panadinana. Noho izany fifanjevoana izany, nianjera ny vavahadin'ny ofisin'ny Bakalorea eto Ambalampaiso''*, hoy ny solontenan'ny ray amandrenin'ny mpiantra nahita ny zava-nisy. Nampalahelo ny nahita an'ireo mpiadina sasany tsy nahalala akory ny fahafahany na tsia ka tsy maintsy tamin'ny alalan'ny finday no nijery ny voka-panadinana. Araka ny maha fanadinam-panjakana ny Bakalorea dia tsara homarihina fa voararan'ny lalàna ny fandrovitana ny valim-panadinana tahaka ireny raha tratran'ny mpitandro filaminana ireo izay minia manao an'izany.

**HAR**

Fahasalamana

## Hiverina ao Toamasina ilay sambo hopitaly Mercy Ships

Ho avy eto amintsika indray ilay sambo hopitaly Mercy Ships ary haharitra roa taona ny fiantsonany ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina. Manomboka amin'ny volana oktobra 2023 ny fandraisana ny anaran'ireo olona maniry hisitraka fandidiana maimaimpoana ary amin'ny volana febroary 2024 no manomboka ny asa. Maherin'ny 1000 ny isan'ireo olona hodidiana mandritra ny herintaona voalohany ary mitovitovy amin'izay ihany koa ny andiany manaraka. Tsy ireo vahoakan'i Toamasina ihany no afaka misitraka izany fandidiana izany fa izay rehetra manana olana manerana an'i Madagasikara. Sambo hopitaly izay efa ampy fitaovana ary manana mpitsabo sy profesora mpandidy maro ny Mercy Ships. Fikambanana iraisampirenena niasa hatramin'ny taona 1978 teto Afrika izy ireo ary efa nandalo teto Madagasikara taona vitsy lasa izay. Ankoatra ny fandidiana dia mizaha marary ihany koa izy ireo, manavao fotodrafitrasa ary hisy ny fihaonana arakolontsaina sy ara-panatanjahantena. Hisitraka fiofanana ary afaka maka traikefa ireo mpianatra ho mpitsabo malagasy mandritra izany fotoana izany. Tsiahivina fa betsaka ireo niahotra tamin'ny fandalovan'ity sambo hopitaly ity teto amintsika ary nitarika hevi-diso maro karazana izany.

**Nath**

Nosy Sainte Marie

# Nahazo tohana ny fikarohana momba ny trozona

Toeram-pizahan-tany tsy azo ihodivirana eto Madagasika ny Nosy Sainte Marie, indrindra fa mandritra ny fotoana fandalovan'ireo trozona. Notanterahina tamin'ny sabotsy lasa teo tany an-toerana ny fanaovan-tsonia fifanarahampiaraha-miasa teo amin'ny Suzuki Marine tamin'ny alalan'ny Matechmad sy ny Cétamada. Notolorana motera mitondra ny marika Suzuki amin'ny karazany DF 115A ny sambo fanaovan'ny Cétamada fikarohana momba ny trozona, izay ampiasaina mandritra ny roa taona azo havaozina. Ny Cétamada rahateo dia misehatra amin'ny fampiroboroboana ny fizahantany andranomasina, maharitra sy tomponandraikitra, andaniny, ary mitarika fandaharanasam-pikarohana siantifika momba ireo trozona aty amin'ny faritra andrefan'ny Ranomasimbe Indiana. *"Voninahitra ho anay ny mandray anjara amin'ny fiarovana ny harenjavaboary an-dranomasina. Ny marika Suzuki Marine, izay soloinay tena, dia manaja ny fikolokoloana sy fiarovana ny tontolo iainana an-dranomasina"*, hoy i Philipe Lomerteau, tale tekinika ao amin'ny Matechmad. Sady mitsitsy no mangina ity milina ity rehefa ampiasaina, ka mety tsara amin'ny fanaovana fikarohana momba ireo trozona. *"Raisina an-tanandroa avokoa ireo tohana sy tantsoroka amin'ny fanatanterahana ireo andraikitra maro samihafa sahaninany. Ity fanampiana farany ity dia hahafahanay manatanteraka ireo fandaharanasampikarohana siantifika"*, hoy ny Dr Anjara Saloma, filohan'ny fikambanana Cétamada. Mbola notanterahina tamin'io fotoana io koa ny fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny Suzuki Marine sy ny SPSM (Société de Pêche de Sainte Marie) ho fanohanana ireo mpanjono madinika.

**R. Muray**

Antoko Mpihira Feo Miantso

# Mankalaza ny jôbily faha-25 taona

Feno 25 taona ny Antoko Mpihira Feo Miantso eo anivon'ny fiangonana FLM Tsarahonenana. Efa nosokafana tamin'ny volana martsa lasa teo ny fankalazana ny taon-jôbily, koa amin'ny volana septambra ho avy izao no hanaovana ny ivon'ny fankalazana, izay hifarana amin'ny volana desambra amin'ity taona ity. Maro ireo hetsika hanamarihana ny jôbilin'ny faha-25 taona. Hanomboka amin'ny 9 septambra ho avy izao, eny amin'ny oniversiten' Antananarivo ny fifaninana ara-panatanjahatena eo amin'ny taranja baolina kitra sy baskety ary tsipy kanetibe, izay nosokafana ho an'ny sahan'ny FLM rehetra sy ho an'ireo fiangonana rahavavy. Hotontosana amin' ny alahady 24 septambra manomboka amin'ny 2 ora tolak'andro, ao amin'ny FLM Tsarahonenana, ny antsa an-kira goavana ataon'ny Antoko Mpihira Feo Miantso. Amin'ny sabotsy 30 septambra, ao amin'ny « Palais des Roses » Ankadindramamy, kosa no hanatanterahana ny sakafom-pifaliana amin'ny fanamarihana ny jôbily.



**Manana ny lazany eo amin'ny fanaovana antsa an-kira ny Antoko Mpihira Feo Miantso.**

**R. Muray**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
**e-mail :** midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 240 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Totonkena sy ovy endasina

Zavatra ilaina : Totonkena fahefany ( manta ) + ovy râpé ngeza be 1 na 2 ( manta ) + fécule de manioc 2 sotro fihinana + farine 2 sotro fihinana + zava - maitso + poivre kely + sira izay sahaza + sauce soja 2 sotro fihinana + sauce huître 1 cac + atody 1 . Fikarakarana azy: Afangaro dia volavolaina atambatra izy rehetra. Atao amin'ny endrika izay itiavanao azy. Endasina amin' ny menaka antonony , rehefa doré dia avadika.